




NY FIANTSOANA HO MPAMINANY

Lesona 2 hatao ny 10 Oktobra, 2026




«Ary nandre ny
feon'ny Tompo aho
nanao hoe: 'Iza no
hirahiko, ary iza no
handeha ho irakay?'
Dia hoy izaho: 'Inty
aho, iraho aho.'»
(Isaia 6:8)

Teo amin'ny 1900 taona teo no mampisaraka an'i Abrahama (mpaminany voalohany ao amin'ny Testamenta Taloha) sy i Jaona mpanao batisa (mpaminany voalohany ao amin'ny Testamenta Vaovao).

Ny voalohany nanambara ny fanekena amin'ny alalan'ilay “taranaka.” Ny faharoa kosa nanambara ny fahatongavan'ilay “taranaka” (Jesosa), izay hanatantareka ny fanekena nampanantenaina.

Teo anelanelany teo, dia nisy mpaminany hafa izay nantsoina mba hamerina indray ny olona ho amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra sy hihazona ny fiandrasana ny Mesia. Nisy koa aza nanambara fotoana mazava ny amin'ny hahatongavan'ny Mesia.

Ahoana no nifidianana an'ireny mpaminany ireny? Ahoana no namalian'izy ireo ny fiantsoana azy ho mpaminany?



ABRAHAMA
Taonjato-19 BC

JAONA MPANAO
BATISA Taonjato-
1 AD

➡ Abrahama: Mpaminanin'ny fanekena

➡ Elia: Mpaminanin'ny fanavaozana

➡ Isaia: Mpaminany manambara ny Mesia

➡ Daniela: Mpaminanin'ny ho avy

➡ Jaona mpanao batisa: Mpaminany mpialoha lalana

ABRAHAMA: MPAMINANIN'NY FANEKENA

"Ary hoy Jehovah tamin'i Abrama: "Mandehana miala amin'ny taninao sy ny havanao ary ny tranon'ny rainao hankany amin'ny tany izay hasehoko anao' " (Genesisy 12:1)


Abrahama no olona voalohany nantsoina hoe: "mpaminany" (Gen. 20:7). Andriamanitra no niantso azy mivantana sy nangataka taminy mba handao ny fanompoan-tsampy sy ny faharatsiam-pitondran-tena izay nanodidina azy mba ho any amin'ny toerana tsy fantany (Gen. 12:1).

Teny fikasana maro no niaraka tamin'ilay fiantsoana. Handray ny fitahiana avy amin'Andriamanitra izy, ho lehibe izy, ary amin'ny alalany no hitahiana ny "firenena rehetra ambonin'ny tany" (Gen. 12:2-3).



Ahoana no namaliany ilay antso? "Finoana no naneken'i Abrahama, rehefa nantsoina, hiainga hankany amin'izay tany ho azony ho lova; ka dia niainga izy, nefa tsy fantany izay halehany." (Hebreo 11:8).

Amin'ny maha-mpaminany azy, dia tsy nantsoina hanambara loza mananontanona izy, fa kosa hampahafantatra an'Andriamanitra marina sy hanambara ny teny fikasana momba ny famonjena amin'ny alalan'ny Mesia.




ABRAHAMA: MPAMINANIN'NY FANEKENA

"Ary hoy Jehovah tamin'i Abrama: "Mandehana miala amin'ny taninao sy ny havanao ary ny tranon'ny rainao hankany amin'ny tany izay hasehoko anao' " (Genesisy 12:1)

Nandritra ny fotoana nonenany tao Kanana, dia maro ny fihaonan'i Abrahama (izay nantsoina hoe Abrama) tamin'Andriamanitra, izay nandraisany hafatra samihafa:



Tao Sekema no nandraisany ny teny fikasana fa handova ny tany Kanana ny taranany (Gen. 12:6-7)



Tano Betela no nanavaozan'Andriamanitra ny fanekena taminy, ka nilazany fa ny taranany dia ho tahaka ny "vovo-tany" (Gen. 13:14-18)



Tao Mamre no nanomezana toky azy fa ho maro toy ny kintana ny taranany. "Nino an'i Jehovah Abrama; ka dia nisainy ho fahamarinany izany." (Gen. 15:1-6)



Tamin'io fotoana io indrindra no nanaovan'Andriamanitra fanekena tamin'i Abrama, ka nandalovany teo afovoan'ny fanatitra (Gen. 15:7-21)



Novain'Andriamanitra ny anarany sy ny an'i Saraha, ary nomeny toky izy fa avy amin'ny zanaka lahy an'i Saraha ny taranany (Gen. 17:1-8, 15-16)




Niseho mivantana tamin'i Abrahama Andriamanitra, niaraka tamin'ny anjely roa, ary nanambara ny hahaterahan'i Isaka (Gen. 18:1-2, 10)



Nasain'Andriamanitra naterin'i Abrahama ho fanatitra i Isaka. Tamin'ny nanomezany azy biby atao fanatitra ho solony, no nanehoany taminy ilay drafy-panavotana lehibe (Gen. 22:1-3, 9-13).

ELIA: MPAMINANIN'NY FANAVAOZANA

"Ary dia nankeo amin'ny olona rehetra Elia ka nanao hoe: "Mandra-pahoviana no hiroa saina ianareo ? Raha Jehovah no Andriamanitra, manaraha Azy; fa raha Bala kosa, dia manaraha azy." Fa ny olona tsy namaly azy akory." (2 Mpanjaka 18:21)



Nitarika ny firenena Isiraely ho amin'ny fihemorana lehibe tokoa i Ahaba sy Jezebela. Vitsy ihany sisa no nanompo an'Andriamanitra; fa ny ankamaroany dia niankohoka tamin'ny Bala, sy Aseraha, ary andriamanitra hafa. Teo amin'izany tontolo izany no niantsoan'Andriamanitra an'i Elia mpaminany mba hamerina indray ny fifandraisany amin'ity vahoaka voafidy ity (1 Mp. 17:1). Rehefa naharitra taona maro ny hai-tany, dia niantso ny Isiraely i Elia ho eo amin'ny tendrombohitra Karmela mba handrisika azy ireo hiverina amin'Andriamanitra, saingy tsy nanohina izy ireo (1 Mpanjaka 18:21). Raha tsy nisy fahagaga dia tsy nanaiky an'ilay Andriamanitra marina izy ireo. (1 Mpanjaka 18:30-39).

Mbola hotoriana hatrany, sady amin-kery ny hafatra nentin'i Elia mpaminany—hiala amin'ny fanompoana sampy ka hiverina amin'Andriamanitra— mandra-pahatonga ny fiverenan'i Kristy indray. Ny tanjony voalohany: hamerina indray ny alitara eo anivon'ny ankohonana (Malakia 4:5-6).

Amin'ny alalan'ny ankohonana no hiverenan'ny fiankohofana indray ao am-piangonana, eo amin'ny fiarahamonina, ary ny firenena. Iza no hanatanteraka izany asa izany? Ianao sy izaho no Elia ilain'ny fiarahamonina ankehitriny.



ISAIA: MPAMINANY MANAMBARA NY

"Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin'ny lalantsika avy isika rehetra; ary nataon'i Jehovah nihatra tamin'ny avokoa ny helotsika rehetra." (Isaia 53:6)

MESIA



Nantsoina hampahafantatra ny fahotany amin'ny vahoaka sy handray ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra i Isaia (Is. 1:18).

Tamin'ny fotoana nahafatesan'i Ozia mpanjaka, no nandraisan'i Isaia fahitana lehibe indrindra izay tsaroany nandritra ny asa fanompoany: ao amin'ny Tempoliny masina Andriamanitra, raha nihorohoro ny fanambanin'ny tokonana: nivarahontsana ilay mpaminany noho ny tsy fahamendrehan'ny tenany (Is.6:1-5).

Rehefa voavela ny helony, dia afaka nanambara tsy amin-tahotra ny hafatra avy amin'Andriamanitra izy: "Inty aho, iraho aho" (Isaia 6:6-8).

Tsy antso ho amin'ny fibebahana ihany ny asa fanompoany lava be, fa nanambara manokana ny amin'ny asan'i Jesosy, ilay Mesia koa izy.



Koa tsy mahagaga raha antsoina hoe: "filazantsara voalohany" (izany hoe: Filazantsara mialoha ny Filazantsara ny bokin'ny Isaia).



ISAIA: MPAMINANY MANAMBARA NY MESIA

"Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin'ny lalantsika avy isika rehetra; ary nataon'i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra."

(Isaia 53:6)



Ny toko faha-53 ao amin'ny Isaia, dia ahitana fanazavana amin'ny an-tsipiriany ny drafy-panavotana izay notanterahan'i Jesosy:



Tsy endrika amambika ny antsony, fa ara-panahy (and. 2)



Natao tsinontsinona, notorotoronina ary nolavina Izy (and. 3)



Na dia nanasitra ny maro aza Izy, dia nolavina (and. 4)



Tamin'ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana no nanolorany antsika ny famonjena (and. 5)



Nahatran'Andriamani tra taminy avokoa ny helotsika rehetra (and. 6)



Tsy mba niaro-tena teo anatrehan'ny mpiampanga Azy Izy (and. 7)



Notsaraina sy nomelohina ho faty Izy (and. 8)



Nalevina teo amin'ny mpanankarena Izy (and. 9a)



Tsy mba nanota Izy (and. 9b)



Nitsangana tamin'ny maty Izy rehefa vita ny fanati-panonerana (and. 10)




Indray andro any dia hiaraka amin'ireo izay navotany Izy (and. 11)



Mandra-pahatonga an'izany dia manao fifonana ho antsika Izy (and. 12)

DANIELA: MPAMINANIN'NY HO AVY

"kanefa misy Andriamanitra any an-danitra, Izay mampiseho zava-miafina ka mampahafantatra an'i Nebokadnezara mpanjaka izay ho tonga any am-parany." (Daniela 2:28a)





Hatramin'ny voalohany, dia fantatra amin'ny fahatokiany i Daniela. Nahatoky tamin'ny sakafo nohaniny izy (Dan. 1:8); nahatoky tamin'ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra izy (Dan. 2:27-30); nahatoky tamin'ny filazana ny faharatsian'i Nebokadnezara izy (Dan. 4:19); nahatoky tamin'ny fanambarana ny fahotan'i Belsazara izy (Dan. 5:22-23); nahatoky tamin'ny fiainam-pivavahany izy (Dan. 6:10).



Akoatry ny hafatra izay nasehony teo amin'ny fomba fiainany, dia nantsoina hanambara ny fisandratana sy faharavan'ny firenena lehibe eto amin'izao tontolo izao izy: Babylona, Persia, Grisia, Roma ary Eoropa (Dan. 2, 7-12).

Niaraka tamin'ny faminanihana ny amin'ny fanjakana lehibe, dia nanambara ny Fitsarana koa i Daniela (Dan. 7:9-10) sy ny fotoana voafaritra mazava tsara hihavian'i Jesosy voalohany (Dan. 9:24-27).


Manampy antsika ankehitriny hanambara ny fahatanterahan'ny ampahany izay mbola ho tanteraka ny faminanihana: ny fahatongavan'ny Fanjakan'Andriamanitra (Dan. 2:44; 7:27).



JAONA MPANAO BATISA: MPAMINANY MPIALOHA

LALANA

"Dia hoy izy: "Izaho dia feon'ny miantso mafy any an-efitra hoe: 'Ataovy mahitsy ny lalan'i Jehovah.' " (Jaona 1:23)



Tahaka ireo mpaminany hafa—toà an'i Samoela na i Jeremia—dia natokana hatramin'ny nahaterahany i Jaona. Nantsoina hanao ny asan'i Elia izy, dia ho mpialoha lalana an'ny Mesia (Lioka 1:13-17).

Nahatonga ny maro hatao batisa ny fiainany feno fahononan-tena sy ny faharesen-dahany tamin'ny fanambarana ny fahotana ary ny antso maika ho amin'ny fibebahana (Marka 1:4-6). Ny asa fanompoany dia kiho-dalana teo amin'ny Isiraely izay tsy nahafahan'ny devoly nanohitra afa-tsy tamin-kery kely ihany, ka nitarika ho amin'ny fahafatesan'ilay mpaminany (Lioka 9:9).

Ny asan'i Jaona (izay asan'i Elia koa) no asantsika izao. Antsoina isika hiomana ho amin'ny fiavian'i Jesosy amin'ny fanambarana amin'ny rehetra ny filazantsaran'ny fibebahana sy ny famonjena amin'ny alalan'ny fahafatesana mahavonjin'i Jesosy.

Tsy mora anefa izany. Mitaky fahatokiana, faharesen-dahatra ary fanoloran-tena. Tsy azo antoka ny fiarovana, fa ny fiainana mandrakizay (ny antsika, sy ny an'ireo izay mandray ny hafatra ankehitriny).



“Ny hafatra mirakitra toro hevitra sy fananarana nomen'ny mpaminany, hampahafantatra ny fikasan'Andriamanitra mandrakizay ho fanasoavana ny zanak'olombelona, dia tena misy vidiny lehibe tokoa ho an'ny Fiangonana, izay mpitandrina ny tanimboaloboka. Voambara mazava tsara ao amin'ny fampianaran'ny mpaminany ny fitiavan'Andriamanitra ny mpanota sy ny drafitra nataony hamonjena azy. [...] Ary amin'izao androntsika izao, ny hafatry ny Tompo ho an'ny Fiangonany—ho an'ireo izay mikarakara ny tanimboalobony, toy ny mpamboly voaloboka mahatoky—dia tsy misy hafa amin'izay nomen'ny mpaminany taloha hoe: “Mihirà ny amin'ny tanimboaloboka (...) Izaho Jehovah no mpiaro io; isaky ny indray mipi-maso no andemako azy, fandrao misy manimba azy; na andro na alina dia miaro azy aho.” (Isaia 27:2-3)”

EGW (Mpaminany sy Mpanjaka, p. 15, 16)

FANAZAVANA FANAMPINY: NY FIANTSOANA HO MPAMINANY AN'I ELLEN G.

WHITE

Tamin'ny Desambra 1844, raha 17 taona izy, no nandray fahitana voalohany i Ellen Gould Harmon. Nohazavain'i William Miller ny Daniela 8:14 fa manambara ny fiavian'i Jesosy tamin'ny 1843. Taty aoriana, dia napetraka ny datin'ny 22 Oktobra 1844. Nefa tsy tonga i Jesosy. Tao anatin'izay tontolon-kevitra izany, dia naseho an'i Ellen ny lalana izay miala avy eto an-tany mankany amin'ilay Jerosalema any an-danitra; ary ireo mpino Advantista nitanjozotra teo amin'ilay lalana, notarihin'i Jesosy. Mandroso ny dian'izy ireo, rehefa mibanjina an'i Jesosy ny masonry. Raha miala teo ny fijeriny, dia lavo izy.

Tamin'ny alalan'io fahitana io, no nanomezan'Andriamanitra toky ny mpino fa eo amin'ny lala-marina izy ireo. Na dia vitsy ihany aza no nino an'i Ellen tamin'ny voalohany, dia ekena ho mpaminany izy ankehitriny. Mampahery sy mitari-dalana ny vahoaka Advantista ny hafatra entiny, hatrany am-boalohany ary hatramin'izao.

